MIASA MIARAKA TSY MISY FANILIHINA MITONDRA FAMPANDROSOANA MAHARITRA

Monsieur RAJAOVELO RIVONARINJAKA

SOKAJY: CENTRE D'EXCELLENCE (Ivotoerana Mendrika)

FIHAONAM-BE NASIONALY FAHAROA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FENITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA

DATY 18-19-20 Mars 2103

HOTEL COLBERT ANTANANARIVO

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

FAMPAHAFANTARANA FOHIFOHY MOMBA ILAY KAOMININA

- Kaominina AMBANIVOHITRA
- Mponina 15630(7575lahy/8392 vavy) na 53,69 % no vavy
- Isan’ny mpanolo-tsaina 07 lahy 0 % vavy
- Isan’ny mpiasa ao amin’ny kaominina 12(07 lahy/05 vavy)41 % no vavy
- Voafidy ho ivon-toerana mendrika t@ 2011
- Efa nahavita ny dingana rehetra

IREO FANAMBY AMIN'NY FAMPIHARANA NY MIRALENTA EO AMIN'NY KAOMININA

Fampandraisana anjara ny vehivavy @ sehatra rehetra na mpanapa-kevitra na ara-toe-karena na ara-politika

Fahazahoana zo mitovy eo amin'ny fananan-tany

Fanafoanana tanteraka ny herisetra mianjady @ vehivavy sy ny ankizy

Fanamorana ny ahazahoan'ny ankizivavy fianarana sahaza

Fanamorana ny fitsaboana ,ny fiterahana,ny fandrindram-piana-pianakaviana ho an'ny ponina

Fahazahoana antoka fa na amin'ny endrina inona na inona momba ny asa dia tsy asiana fanavahana

Fanampiana ireo vehivavy hihoitra @ fiainana ka mba hitonbo ny vola miditra ao an-tokantrano

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

IREO FANAMBY AMIN'NY FAMPIHARANA NY MIRALENTA EO AMIN'NY KAOMININA



HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

FAHAIZA-MITARIKA

- **Moa ve misy olona iray tena mafatra-po amin'ny fampidirana ny miralenta eo anivon'y kaominina?**
- Iza?
- Monsieur RAJAOVELO Rivonarinjaka
- **Inona no andraikiny?**
- Sekretera jeneraly
- **Inona no anjara biriky nentin'io olona io amin'ny fampidirana ny miralenta eo amin'ny kaominina?**
- Fanentanana; fitadiavana piara-miomban'antoka ;fampiofanana ireo ankolafinkery;fanaraha-maso sy tombana;mamorona "base de donnèes" ahazahoana mamoaka tondro itarafana ny miralenta ao @ kaominina,mandray an-tanana miaraka @ ireo fikambanana miaro ny zon'olombelona amin'ny famahana olana ;

HATRAMIN'NY NAHA IVOTOERANA MENDRIKA ILAY KAOMININA, INONA AVY NY FIOVANA NISY?

- **Drafitrasan'ny kaominina**

Manana drafitrasan'ny Kaominina ka nahitsy hifanaraka amin'ny laharam-pahamehana mifandraika @ miralenta ny PTA sy PTT

- **Fanentanana samihafa**

Efa tafapaka eny ifotony ny fampiroboroboana ny miralenta;ary saika mahafantatra izany ny eran'ny kaominina

- **Hetsika miavaka**

Hetsika 08 marsa ;hetsika 16 andro hiadiana @ herisetra ;

- **Fandraisana anjaran'ny vehivavy**

Famoahana didy kaominaly fa raha tsy mahazo 30% ny vehivavy mpivory tsy azo atomboka ny fivoriana(masse critique);fanentanana hiditra eo amin'ireo karazam-pifidianana misy)

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Fampiharana ny "BUDGET PARTICIPATIF"mba ho ny vahoaka no mandrafitra ny tetikasa laharam-pahamehana indrindra ireo tetikasa manohina manokana ny vehivavy



HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

HATRAMIN'NY NAHA IVOTOERANA MENDRIKA ILAY KAOMININA, INONA AVY NY FIOVANA NISY?

- **Drafitrasa momba ny ady amin'ny herisetra**

Tratra ny 75 % n'ny drafitrasa natao ny 2011 ka eo am-panomanana ny fanavaozana drafitrasa vaovao ny kaominina sy komity miralenta;

- **Fampandrosoana ara-toe-karena ifotony**

Namoraina ny fahazahoan'ny vehivavy karatany mba hahazahoany mitady famindramam-bola

3560 karatany voazara dia 1510 misoratra @ vehivavy (42,41%)

Fanamboarana tsenam-bokatra vaovao(67%n'ny mpivarotra eo an-tsena vehivavy),fanamboran-dalana,fanomezana lakana hitaomana vokatra,fanampiana ny tantsaha eo @fambolena sy fiompiana

- **Fiovaovan'ny toe-trandro**

Fambolen-kazo 16000 zanakazo voavoly isan-taona

Fampiroboroboana ny fambolena oviala

- **VIH/SIDA**

Fiaraha-miasa @ ONG SAF FJKM ;

- **Fandraisana andraikitra**

Ny kaominina no "centre d'ecoute" manampy an'ireo manana olana

- **Fijerena manokana ny mpiasa**

Fitsinjovana ara-tsosialy CNAPS

Congé de maternité

Fampinonoana asiana laharam-pahamehana

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

HATRAMIN'NY NAHA IVOTOERANA MENDRIKA ILAY KAOMININA, INONA AVY NY FIOVANA NISY?

HATRAMIN'NY NAHA IVOTOERANA MENDRIKA ILAY KAOMININA, INONA NY FIOVANA NISY?

- **Tetikasa manokana momba ny miralenta**

Campagne 50/50; fanamaisana fahaiza-manao ho an'ireo mitarika fikambanam-behivavy; fanatanjahantena ho an'ny vehivavy

- **Teti-bola**

Nampitomboana ho 1 000 000 AR

Fanaraha-maso sy tombana

Nykaominina dia efa manana komity mpanao fizohiana sy mpanao tomban'ezaka ka hiarahana amin'ireo komity miralenta ka hananganana mason-tsivana hatao tondro hitarafana ny fiovana

Misy ny isan-taona ka amoahana tatitra ;misy ny isan-telo volana

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

RAHA MIHOATRA AMIN'IREO TANJONA 28 AO ANATIN'NY FENITRA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA, INONA AMIN'IREO TANJONA IREO NO NOEZAHANA NOTRATRARINA?

TANJONA	ASA NATAO
Andininy 4-8 LALANA FOTOTRA,ARA-PANAMBADIANA SY FITOVIANA ARA-PITSARANA	Fanaovana sora-panambadiana faobe Fanentanana ny mpivady hisora-panambadiana mba hahazo zo
Andininy 09 OLONA MANANA FAHASEMBANANA	fanampiana ireo toeram-pitsaboana
Andininy 10 ZO NY MATY VADY NA LAHY NA VAVY	Fampahafantarana ny lalàna ny @ fananana miaraka @ireo mpanentana voafidy isam-pokontany

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

RAHA MIHOATRA AMIN'IREO TANJONA 28 AO ANATIN'NY FENITRA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA, INONA AMIN'IREO TANJONA IREO NO NOEZAHANA NOTRATRARINA?

TANJONA	ASA NATAO
Andininy 11 ZANAKA VAVY SY LAHY	Fanentanana natao isaky ny « journée des écoles » mba hanohizan'ny zazavavy fianarana
Andininy 12-13 FITONDRANA (fisoloana tena sy fandraisana anjara)	Campagne 50/50 Fampirisihina ny vehivavy ho kandidà eo amin'ny sehatra fanampahan-kevitra
Andininy 14 FAMPIANARANA - FANOFANANA	Fampitomboana ny efitrano fianarana sy CEG vaovao Fananganana ivon-toerana pedagojika
Andininy 15-19 LOHARANOM-PAMOKARANA SY ASA	Fananganana ireo CREC (comité de reflexion economique) isaky ny fokontany hampiroborobo ny ara-toe-karena Fandraisana mpiasa ataon'ireo orinasa miaraka@ kaominina ho voajery manokana ny vehivavy

RAHA MIHOATRA AMIN'IREO TANJONA 28 AO ANATIN'NY FENITRA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA, INONA AMIN'IREO TANJONA IREO NO NOEZAHANA NOTRATRARINA?

TANJONA	ASA NATAO
Andininy 20 -25 HERISETRA FANOLANANA	Fanentanana fanenana ny tahan'ny herisetra sy fanolanana ho antsasany Fametrahana paikady iarahana @ ireo mpitandro filaminana
Andininy 26 FAHASALAMANA	Niampy roa ny formation sanitaire Nahazo bisikileta ireo COSAN na vaomieran'ny fahasalamana isam-pokontany sady nahazo fiofanana ampy
Andininy 27 VIH /SIDA	Fanampiana ireo toeram-pitsaboana @ alalan'ireo mpiara-miombon'antoka toy ny service civique militaire Fanaovana fitiliana ao amin'ny CSB II
Andininy 28 FANORENANA FANDRIAMPAHALEMANA SY FAMAHANA OLANA	Fanampiana ireo Departement Autonome de Securite(DAS sy DAD) Fifanampiana eo @ birao mpanantanteraka sy mpanolotsaina amin'ny fandraisana olona @ fampihavanana

- ***<u>Manomeza vokatra telo misongadina, azo tsapain-tanana tamin'ny asa vitan'ny kaominina</u>***

Vokatra 1

Nahavitàna karatany ny fokontany 09 tato amin'ny kaominina ka nampihena ny disadisa

<u>Vokatra 2</u>

Ny kaominina Miantso no fitaratra sy mpanohana eo amin'ny fiadiavana @ fiovaovan'ny toetrandro sy ny famerenana indray ny ankizy any an-tsekoly t@ fampiasàna ny "cantine scolaire"noho ny OVIALA

<u>Vokatra 3</u>

Fanentanana momba ny fifidianana ka nanaovana ezaka kopia sy karam-panondro maimaimpoana

75 KOPIA

53 CIN

<u>Vokatra 4</u>

Maharakotra ny kaominina ny fifanarahana teo amin'ny miaramila sy ny fokonolona amin'ny fiadivana @ halatra sy fakàna an-keriny miteraka fanolanana

FIOVANA

- <u>Mitantarà tantaram-piainan'olona iray izay tena niova taorian'ny naha ivotoerana mendrika ny kaominina misy anao</u>

Ny anarako dia RASOLORIMINO izaho dia kilemaina ary nieritreritra ny tsy mba afaka miasa fa dia fanaka malemy ato an-trano ka ny vadiko no miasa,tsy ampy anefa ny vola miditra ao an-trano ka lasa aho mba nanatrika ny fiofanana miralenta nampanaovin'ny kaomini na Miantso .Tao dia efa tsapako fa manana andraikitra mitovy ny vavy sy ny lahy amin'ny famelomana ankohonana .Vita ny fiofanana dia nanao ezaka lehibe ny kaominina handray mpiasa fa nisy toerana banga tao amin'ny Birao Ifoton'ny Fannan-tany ary tao anatin'izany fanasana hanatitra CV sy fangatahana raha afaka miasa izany dia nahitàna hoe na lahy na vavy izay tsy nisy hatramin'izay ka dia nanatitra dosie ny tenako ;ny mahasarotra azy dia midina eny ifotony manao fitsirihina ny asa indraindray nefa izaho kilemaina ,lany aho raha nifaninana t@olona telo mianadahy normal .Nanomboka teo dia niova ny fiainako ka na dia ny ordinateur efa lasa haiko ;ary tena nitàna toerana lehibe t@ fanaovana karatany faobe farany teo satria ny kaominina dia sarotiny @ fiarovana ny zon'ny vehivavy .



HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

IREO FANAMBY AMIN'NY FAMPIDIRANA NY MIRALENTA EO ANIVON'NY KAOMININA

- Inona avy ireo fanamby?

Mba ho tratra ny fandraisana anjara 50/50

Mba hihena antsasa-manila ny herisetra mahazo ny vehivavy sy ny ankizy

Ho tratra ny tanjona taonarivo fahatelo ho amin'ny fampandrosoana

Hitombo ny vola ampidirina isan-tokatranon'ny mponina ato amin'ny kaominina

Mba afaka mizatra ny fiovaovan'ny toe-trandro ny tantsaha

DINGANA MANARAKA

- <u>Inona ny dingana manaraka kasain’ny kaominina atao?</u>
- *Fananganana Lycée*
- *Fananganana toeram-piofanana ara-kasa ho an’ny zazavavy sy zazalahy*
- *Fitadiavana mpiara-miombon’antoka amin’ny fampiofanana momba ny miralenta ho an’ireo vehivavy liana*
- *Fanohinana ny mpampianatra mba ho ampidirina matetika any an-tsekoly ny resaka miralenta*
- *Fanohanna amin’ny alalan’ny fanentanana ireo kandidà vehivavy hirotsaka hofidiana*





HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN’NY TAONA 2015!

MISAOTRA TOMPOKO !

MISAOTRA NY GENDER LINKS

GENDER EQUALITY BY 2015, YES WE MUST!